Tsy misy olona mijoro ho vavolombelona marina avy ao am-pony fa tsy misy tompo afa-tsy Allah ary i Mouhammad no irak'Allah, afa-tsy ataon'i Allah fady azy ny Afobe

Tatitra azo avy amin'i Anas Ibn Malik (R.A) : Nitaingina biby i Mpaminany (S.W.A) niaraka tamin'i Mouaz Ibn Jabal tao aoriany, ka hoy izy : "O! Ry Moa'zh ibn Jabal" Namaly izy hoe : "Eny mihaino anao aho ry irak'i Allah!". Naveriny in-telo izany, avy eo dia niteny i Mpaminany (S.A.W) hoe : " Tsy misy olona mijoro ho vavolombelona marina avy ao am-pony fa tsy misy tompo afa-tsy Allah ary i Mouhammad no irak'Allah, afa-tsy ataon'i Allah fady azy ny Afobe". Hoy i Mouaz : "Holazaiko amin'ny olona ve izany mba hahafaly azy ireo?". Dia namaly i Mpaminany (S.A.W) : “Sao dia lasa miantehitra amin'izany izy ireo”. Dia nolazain'i Mouaz ihany izany talohan'ny nahafatesany mba tsy ho tsiny aminy.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Indray andro i Muaz bin Jabal (R.A) nitaingina ny bibiny tao aorian'ny Mpaminany (S.A.W), ary niantso azy izy i Mpaminany hoe : Ry Muaz? Naveriny intelo ny antsony, ho fanamafisana ny maha zava-dehibe izay holazainy aminy. Ary izany rehetra izany novalin'i Moa'zh (R.A) amin'ny teniny manao hoe : " Eny ry Irak'i Allah, Mihaino anao aho" izany hoe : hamaly antsonao aho ry Iraki Allah hamaly antso isaky ny miantso, ary mitady fahasambarana amin'ny famalina ny antso. Nilaza taminy Mpaminany (S.A.W) fa izay mijoro vavolom-belona fa tsy misy Tompo afa-tsy i Allah, izany hoe : Tsy misy Tompo mendrika ho tompoina am-pahamarinana afa-tsy i Allah irery ihany, ary i Mohammad (S.A.W) dia Irak'Allah, marina ao am-pony tsy misy lainga, ka raha maty amin'izany teny izany izy dia ataon'i Allah fady aminy ny Afobe. Ka nanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) i Moa'zh (R.A) ny hanambara izany amin'ny olona rehetra mba hahafaly azy ireo? Natahotra i Mpaminany (S.A.W) sao dia hananki-doha amin'izany, ka lasa hampihena ny asa ataon'izy ireo. Ka tsy niresahan'i Moa'zh izany raha tsy fotoana kely talohan'ny nahafatesany; fatahorany amin'ny fanafenana ny fahalalana.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/10098